# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA    DECEMBRE 2024    N° 023



## "Il y a plus de bonheur à donner qu'à recevoir."

**Chers frères et sœurs en Christ,**

En cette période de Noël, où nous célébrons avec joie la venue sur terre de notre Sauveur, Jésus-Christ, je vous invite à méditer sur les paroles précieuses de l'Apôtre Paul dans Actes 20:35 : **"Il y a plus de bonheur à donner qu'à recevoir."**

Ces paroles, prononcées par notre Seigneur lui-même, nous rappellent que la véritable essence de notre foi réside dans le don de soi et l'amour sacrificiel. Noël est une saison de partage, souvent marquée par l'échange de cadeaux en signe d'affection et de reconnaissance.

Cependant, Jésus nous invite à aller plus loin : à offrir ce qui porte une valeur éternelle — notre temps, nos talents et nos ressources pour l'avancement du Royaume de Dieu. Il est venu parmi nous non pour être servi, mais pour servir et offrir sa vie en rançon pour beaucoup.

De même, nous sommes appelés à devenir des instruments de bénédiction, en particulier pour ceux qui n'ont pas encore entendu la Bonne Nouvelle.

Alors que nous approchons de

# Jésus le Prince de la paix

« 7 Qu'ils sont beaux sur les montagnes, Les pieds de celui qui apporte de bonnes nouvelles, Qui publie la paix! De celui qui apporte de bonnes nouvelles, Qui publie le salut! De celui qui dit à Sion: ton Dieu règne! » Esaïe. 52.7-10

Depuis le début du XXIᵉ siècle, l'année 2024 se distingue comme une période où l'humanité est en quête de paix dans tous les domaines. Politique, économique, sociale ou médicale, chaque famille est plongée dans une psychose sans fin, exacerbée par une guerre implacable : la guerre des informations.

En effet, chacun interprète et explique les événements qui se déroulent sous nos yeux selon des perspectives divergentes.

Beaucoup adoptent une lecture religieuse de ces événements et se précipitent vers les prophètes et leurs prophéties, ignorant les avertissements de Jésus, qui nous met en garde contre l'apparition de faux prophètes et de faux docteurs. D'autres, à l'image d'Hérode, perçoivent tout à travers une lentille politique. Ainsi, Hérode considérait la venue du Messie, ce Roi qui venait de naître, comme une menace pour son trône. Refusant de prendre le moindre risque, il choisit de faire massacrer des centaines d'enfants innocents.

Cette perspective humaine sur les événements du monde est non seulement limitée et réductrice, mais elle est aussi à la fois partielle et partiale.

C'est pourquoi Noël, avec le prophète Ésaïe, nous invite à adopter une autre vision : celle du Dieu de l'univers. Dans un contexte aussi anxiogène que le nôtre, Ésaïe nous appelle à lever les yeux vers Celui qui apporte de bonnes nouvelles. Ésaïe présente cette bonne nouvelle en quatre dimensions :

- **Il publie la paix** : parce qu'Il est le Prince de la paix.
- **Il apporte de bonnes nouvelles** : car Il mettra fin à toutes les hostilités sur la croix.
- **Il publie le salut** : en rapportant la victoire sur la mort.
- **Il proclame le règne de Dieu** : car en Jésus, Dieu exerce sa souveraineté sur le monde et aura le dernier mot sur tout.

Ainsi, Noël nous invite à tourner nos regards vers Jésus, car nous croyons que notre Dieu est souverain et règne non seulement sur le monde, mais aussi dans le cœur de chaque être humain. Louons donc notre Seigneur avec les paroles du prophète :

« 8 La voix de tes sentinelles retentit; Elles élèvent la voix, Elles poussent ensemble des cris d'allégresse; Car de leurs propres yeux elles voient Que l'Eternel ramène Sion. 9 Eclatez ensemble en cris de joie, Ruines de Jérusalem! Car l'Eternel console son peuple, Il rachète Jérusalem. 10 L'Eternel découvre le bras de sa sainteté, Aux yeux de toutes les nations; Et toutes les extrémités de la terre verront Le salut de notre Dieu. »

Seth RASOLONDRAIBE

## "Il y a plus de bonheur à donner qu'à recevoir." (Suite)

l'année 2025, je vous encourage vivement à vous engager dans notre projet pastoral commun.

Ce projet vise à renforcer notre « **communion en mission** », à pérenniser nos actions dans nos communautés et à annoncer l'Évangile avec une ferveur renouvelée.

En donnant généreusement à notre "caisse commune" ou en soutenant le ministère pastoral, nous avons l'opportunité de concrétiser ensemble cette vision portée par notre orientation théologique.

Souvenez-vous que chaque geste, aussi humble soit-il, est précieux aux yeux de Dieu. Jésus a promis que donner procure une joie véritable, car c'est dans l'acte de donner que nous imitons notre Père céleste, source infinie de générosité et d'amour.

En cette période de partage, prions pour que le Seigneur ouvre nos cœurs à Son appel. Engageons-nous avec foi et enthousiasme, sachant que notre contribution, offerte dans l'amour, portera des fruits éternels.

Que Dieu vous bénisse abondamment et qu'll vous remplisse de Sa joie en cette saison de Noël !

Fraternellement en Christ,

Seth RASOLONDRAIBE

**Dates à retenir :**
**- Jeûne et prière :** 12 janvier, 13 avril, 29 juin et 12 octobre 2025,
**- Veillée de prière :** le vendredi Saint (18 avril) et le vendredi précédent le dimanche de la Réformation (24 octobre).

# Teny Tonga Nofo Feno Voninahitra

(Hebreo 1.1-6)



**1. Ny Tenin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Zanak'Andriamanitra**

Ny Hebreo 1:1-2 dia milaza fa tamin'ny andro taloha, Andriamanitra dia niteny tamin'ny razantsika tamin'ny alalan'ny mpaminany tamin'ny fomba maro samihafa.

Fa amin'izao andro farany izao kosa, Izy dia niteny tamintsika tamin'ny alalan'ny Zanany. Io Zanak'Andriamanitra io dia ilay teraka tao Betlehema.

Ny fahaterahan'i Jesoa dia manambara ny fanatanterahana ny faminaniana rehetra ao amin'ny Testamenta Taloha momba ny Mesia. Isaia 9:6 dia milaza hoe: "Fa zaza no teraka ho antsika, zanaka no omena antsika; ary ny fanapahana dia eo an-tsorony; ary ny anarany dia hatao hoe Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Rain'ny mandrakizay, Andrian'ny fiadanana."

**2. Ny Voninahitr'i Jesoa sy ny Anjely**

Ny Hebreo 1:3-4 dia milaza fa Jesoa dia taratry ny voninahitr'Andriamanitra sy ny endriky ny toetrany, ary Izy no mitondra izao rehetra izao amin'ny teniny mahery.

Rehefa avy nanaisotra ny fahotantsika Izy, dia nipetraka teo ankavanan'ny Fiandrianana any an-danitra. Io voninahitra io dia naseho tamin'ny nahaterahan'i Jesoa, rehefa nisy anjely maro nidera an'Andriamanitra tamin'ny alina nahaterahany.

Ny Lioka 2:13-14 dia milaza hoe: "Ary nisy anjely maro be avy any an-danitra niaraka tamin'ilay anjely, nidera an'Andriamanitra ka nanao hoe:

Voninahitra any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ho etỳ ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany."

**3. Ny Fanompoan'ny Anjely sy ny Fanomezam-boninahitra an'i Jesoa**

Hebreo 1:5-6 dia milaza fa Andriamanitra tsy nilaza tamin'ny anjely hoe: "Ianao no Zanako, Izaho no niteraka Anao androany," fa tamin'ny Zanany ihany. Ary rehefa nentin'Andriamanitra indray ny Lahimatoa ho amin'izao tontolo izao, dia hoy Izy: "Ary aoka ny anjelin'Andriamanitra rehetra hiankohoka eo anatrehany." Io dia manambara ny maha-Lehibe an'i Jesoa noho ny anjely rehetra. Ny Salamo 97:7 dia milaza hoe: "Aoka ny mpanompo sarin-javatra rehetra ho menatra, izay mirehareha amin'ny sampiny; miankohofa eo anatrehany, ry anjely rehetra." Eny tonga ny Mesia. Mitory famonjena sy fifaliana ary fiadanana ho antsika izany. Voninahitra ho an'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika.

Mirary ho antsika rehetra Krismasy Sambatra ombam-pitahian'Andriamanitra.

Pst Falimanana RAHARINDRANTO




| Domiciliation | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Code banque | Code guichet | Numéro de compte | Clé RIB | CR PARIS ET ILE DE FRANCE ARGENTEUIL Tel. 0134346620 Fax. 01343 |
| 18206 | 00062 | 65090248418 | 39 | |
| IBAN | | FR76 1820 6000 6265 0902 4841 839 | | ASSOC. FPMA FRANCE 47 RUE DE CLICHY 75009 PARIS |
| Code BIC (Bank identification code) - code SWIFT | | AGRIFRPP882 | | |

# KRISIMASIM-PAHITANA

## « ... ary hitanay ny voninahiny... » (Jaona 1.14)


Tsy izay rehetra hita dia marina avokoa! Ny tekinolojia ankehitriny vokarin'ny IA (intelligence artificielle) dia afaka manova sary sy seho tena izy mba hifanaraka amin'izay ilain'ny olona sy izay itiavany azy. Misy ny mampiasa ireny ho famitahana ka betsaka no lavo sy simba ireo izay hiharany. Afaka hataon'ny olona izay mampiasa ny IA, ohatra, ny mametraka ny sarinao amin'ny toerana anankiray izay tsy nalehanao akory mba ho hitan'ny olona ka mety hanaratsy ny momba anao.

Nahoana àry no nahatery ny evanjelisitra ny filazany eto ny amin'ny fahitany ? Ny fahaterahan'i Jesoa Kristy sy ny fitsanganany tamin'ny maty dia mitoetra ho zava-miafina (mystère) ho an'izao tontolo izao satria tsy hain'ny saina amam-pahalalana hazavaina izany (ni l'intelligence naturelle ni l'intelligence artificielle ne peuvent démontrer la naissance et la résurrection de Jésus-Christ). Koa dia mahita ny tena izy noho izay hitan'ny olona rehetra ny mino ary manambara izay hitany izy avy eo.

### 1. Mahita noho ny hitan'ny olona rehetra ny mino

Ny voninahitry ny Tompo (doxa) no ambara fa hita eto. Io voninahiny io no lazain'ny baiboly ho ilay « mazava » izay fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra izao tontolo izao (ampitahao, Isaia 60.1 / Genesisy 1.3). Ary i Jesoa Kristy izany voninahitr'Andriamanitra hita maso izany: « tamin' ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin' Andriamanitra tamin' ny voalohany. Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza. Izy no nisiam-piainana; ary ny fiainana no fanazavana ny olona » (and.1-4). Betsaka no niara-belona sy nahita an'i Jesoa Tompo tamin'ny fotoan'androny saingy vitsy tamin'izy ireny no nahita tao Aminy ny voninahitr'Andriamanitra. Tsy izay rehetra mahita no mino fa izay rehetra nandray Azy ho Tompo kosa no tena mahita ny voninahiny (and.12). Tsy maintsy ateraka indray ny olona hoy i Jesoa Kristy vao mahita ny voninahiny (3.3). Ny fandraisan'ny olona an'i Jesoa ho Tompony no fahateraham-baovao ho an'azy satria tonga nofo ao aminy ny Tompo. Izany hoe, manjary miray fomba sy fanao amin'Andriamanitra ny mino (le chrétien épouse l'être et la manière de Dieu). Ny « Teny » (logos en grec, « fahalalana ») no mahatanteraka izany ao amin'ny mino. Olona mpivavaka sy nahalala soratra masina i Paoly apositoly saingy nohavaozin'i Tompo izy rehefa nihaona taminy (Filipiana 3.8, Kristy no « gnose »), ka mitaona ny mpivavaka izy ho amin'ny fanavaozana ny sainy avy mba hahita ny voninahitr'Andriamanitra (Romana 12.1-2). Ao amin'ny teny frantsay hoe « contempler » dia misy ny teny hoe « temple ». Ny mino izany dia sady mahita no miaina ny fahasoavan'Andriamanitra noho ny fitoeran'i Tompo ao Aminy (ampitahao, 1 Korintiana 6.19).

**TELECHARGER L'APPLI FPMA FRANCE**




Ao amin'i Kristy, ihany koa, no hanazavana ny Tenin'Andriamanitra (lecture christocentrique de la bible) ka hahitana ny voninahitr'Andriamanitra (5.39). Ny « Teny » no manazava ny sain'ny olona mba hahalalany ny sitrapon'Andriamanitra (ortho-doxie) fa tsy ny olona no hanery ny Teny hifanandrify amin'izay mahatery na mahazatra azy! Vokany, lany fotoana amin'ny fiadiana hevitra araka ny voalazan'ny baiboly ny olona ka manadino mampihatra izany (ortho-praxie). Aiza ho aiza ny mino sy ny Fiangonana amin'ny fanolorantenany (don de soi) toy ny fanokanana ny voaloham-bokatra ho an'Andriamanitra (prémices) sy ny fifandian-kanina (jeûne) ary ny famelan-keloka (par-don), ohatra? Mety ho ny fahalemen'ny nofo (faiblesse humaine) sy ny filana (orientation sexuelle) ihany koa no mibaiko ny sain'ny kristiana amin'ny fanazavana ny soratra masina ka latsaka amin'ny fandriky ny devoly izy izay manova ny tenin'Andriamanitra ho fanatanterahana izay sitrapony ihany. Misy fiantraikany izany eo amin'ny fijoroana vavolombelona ataon'ny kristiana sy ny fiangonana satria fifampiandaniana (clivage) sy fiarovan-jo (pouvoir arbitraire) no hita miharihary eo amin'ny fiainany sy ny asany ka mety hampizarazara azy. Ho hitantsika manaraka fa ny fampianarana tsy misy kilema (ortho-doxie) izay mahatonga fitondrantena mazava (ortho-praxie) dia manosika ho amin'ny fijoroana vavolombelona marina (ortho-marturia) ataon'ny mino sy ny Fiangonana.

### 2. Mahita ka manambara izay hitany ny mino

Izay hitan'ny mino sy reny no ambarany marina tokoa (1 Jaona 1.1) mba tsy ho vavolombelona mandainga izy (pseudo-marturia,

# KRISIMASIM-PAHITANA (Tohiny)

1 Korintiana 15.15). Hafa mihitsy ny fahitana izay miseho amin'ny mino, araka ny voalaza teo aloha, satria sady manazava azy Izy no maniraka azy ihany koa.

**a) Hazavaina mba hanazava eo amin'ny tontolo misy azy ny mino (éclairé pour être lumière du monde)**


Ilay voninahitry ny Tompo hita maso dia ny « fahafenoam-pahasoavana sy fahamarinana ». Nahoana no fanazavana ny olona izany ? Ny tontolo tsy misy an'Andriamanitra dia lazaina hoe anjakan'ny haizina (and.5). Efa nisy ny fivavahana sy ny fihainoana ny soratra masina tany aloha fa tsy nahafaka ny olona tamin'ny fahotany izany. Noho izany, ny olona ao anatin'ny haizina dia sady tsy afaka manazava ny tenany no tsy afaka mitondra fahazavana ho an'ny hafa ihany koa. Nambaran'i Jaona mpanao batisa izany satria tsy izy akory ilay « mazava » fa vavolombelona ihany izy rehefa nandray izany fahazavana izany (and.6-8). Ny fahasoavana dia maneho ny fitiavan'Andriamanitra antsika ka namonjeny antsika maimaim-poana ary ny fahamarinana dia ny fihaonantsika Aminy amin'ny alàlan'i Jesoa Kristy mba hitoerantsika ao amin'ny fahazavany (17.24). Tsy azo afenina ny hazavana ao amin'ny mino (Matio 5.14-16). Koa ny andrasan'i Tompo amintsika dia ny « mitsangana » (Is 60.1) fa tsy « mitsangatsangana » manoloana ny iraka izay ampanaoviny antsika (fisehosehoana ho mpivavaka, jereo Matio 6.1-18). Rehefa tsy mandray andraikitra ny olom-boaantso dia ny haizina no mbola mahazo vahana eo amin'ny tontolo misy azy. Izany hoe, miombona amin'Andriamanitra amin'ny fahalalana ihany ny kristiana fa tsy mpiara-miasa Aminy akory. Aiza ho aiza àry isika izao manoloana ny fitoriana ny Filazantsara izay iantsoan'i Tompo antsika eo am-piandrasana ny fiverenany ?

**b) Hazavana tsy hay tohaina no raisin'ny mino ka mahatonga azy ho vavolombelona mahatoky sy mahomby amin'ny asany (animé de la puissante lumière pour témoigner fidèlement et efficacement)**

Hafa tokoa ny hazavana noraisin'ny mino satria tsy hay tohaina ny heriny noho izy mandroaka ny haizin-kitroka mitady handrakotra ny fiainan'ny olona (and.5). Ny fahatongavan'Andriamanitra ho nofo dia maneho fa tsy maintsy itsofohany ny haizina mahazo ny olombelona ka dia Izy mihitsy no maniraka ny Tenany mba hahatanteraka ny fandroahana izany. Manam-pahavalo ny Filazantsara dia ny « filazana tsara » (nouvelle bonne) sy ny « tsara filaza » (bonne prestation) izany. Ny voalohany dia ny finoana an'Andriamanitra fitiavana izay mandà ny hazofijaliana ka betsaka ny kristiana rendrika sy voarotsirotsin'izany. Anisan'ireny ny teolojian'ny fitahiana (théologie de la prospérité) ka ny kristiana dia tokony hanan-karena sy ho salama tsara daholo satria mariky ny fitahiana azy izany. Ahoana ny amin'ireo mahantra izay nampahantraina, na ireo marary izay tsy sitrana amin'ny aretiny tahaka an'i Paoly apostoly (2 Korintiana 12.8-9) ? Ampy ho an'ny mino ny fitoeran'Andriamanitra ao aminy. Ny faharoa dia vokatry ny tontolom-pisehoana (société marquée par les apparences) ka ny fampihaingoana ny teny izay torina sy ny fihetsiky ny mpitory izay mitondra izany no hindrahindraina mba ho hita. Manakona ny votoatin'ny Tenin'Andriamanitra anefa izany. Koa izany indrindra no mahatery ny Fiangonana amin'ny fampianarana sy ny fampiofanana samihafa ao aminy toy ny « formation permanente » ho an'ny Mpitoriteny sy ny Mpiandry ary ny Katekista.

Ny IA (intelligence artificielle) dia efa ampiasain'ny Fiangonana sasany amin'ny fitorian-teny sy ny fitarihana ny fanompoam-pivavahana. Tsy hisy tokoa ny fahadisoana fa ho maty paika tsara ny fanazavana ny teny torina sy ny firindran'ny fotoana mba hifanaraka amin'ny fahendren'ny olona izay namolavola azy. Aiza ho aiza ny anjara toeran'ny Fanahin'Andriamanitra amin'izany amin'ny mpitondra hafatra sy ny fiombonany amin'ny vahoakan'Andriamanitra izay miara-manandratra vavaka sy mitalaho ny famindrampon'Andriamanitra aminy? Mbola afaka mahita ankoatr'izay hitan'ny IA àry ve ny mpino amin'izao krismasy izao ? Tsy afaka ny ho tempolin'Andriamanitra ny IA na dia ilaina aza ara-tekinika satria tsy tonga IA ny « Teny ». Ao amintsika izay mandray Azy kosa ny « Teny » ka mahita ny voninahiny sy mijoro vavolombelona ny amin'ny fahasoavany isika sy ny Fiangonana. Koa arahabaina r'ilay nohasoavina fa ny Tompo ao aminao!

Ramaherijaona Jean Teddy,
Mpitandrina



# HAFATRY NY SYNODA LEHIBE FAHA-XXXIX FPMA 2024

Ry havana malala,

Notanterahina tao amin'ny Lycée La Joliverie tao Saint-Sébastien-sur-Loire ny 01-03 Novambra 2024 ny Synoda Lehiben'ny FPMA faha-39 izay niompana tamin'ny lohahevitra nalaina avy ao amin'ny Hebreo 12.1 : " Koa amin'izany, satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika toy ny rahona, dia aoka isika koa hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin'ny faharetana amin'izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao "

Novelabelarina nandritra ny telo andro ny momba ny fihazakazahana masina koa ireto no zavatra telo navoitra tamin'izany :

**1- Fiombonana sy fiaraha-miasa : Mihazakazaka miaraka ho amin'ny tanjona iray**

Ny tatitra rehetra nataon'ny tsirairay isan'ambaratonga eto amoin'ny FPMA dia maneho izany fiombonana sy fiaraha-miasa izany. Ankoatra ny fiaraha-miasa amin'ireo Fiangonana malagasy rahavavy (FJKM sy FLM), izay entina am-bavaka ny fandrosoan'ny asa, dia maro ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ireo vondrom-piangonana maneran-tany toy ny LWF sy ny CMER ary ny KEK. Tsy adino ny toerantsika eo anivon'ny Fédération Protestante de France. Misaotra an'Andriamanitra koa isika fa noraisina ho fitandremana eto amin'ny FPMA ny FPMA Pussay ho ao amin'ny FAFATS sy ny FPMA Vierzon-Bourges ho ao amin'ny FAFAN. Tamin'ity Synoda Lehibe faha-39 ity ihany koa no nananganana ny Ministeran'ny Katekista ho asa fanompoana eto amin'ny FPMA. Nankatoavin'ny Synoda ihany koa ny Lesona Katekomena iombonana sy ny Litorjian'ny Fandevenana iraisana eto amin'ny FPMA izay naroson'ny VFL.

Aoka tsy hohadinointsika fa na dia maro aza isika dia miombona ho amin'ny fihazakazahana iray ihany ary miara-mibanjina an'i Jesosy Kristy Tompo sy mpanefa ny finoantsika amin'ny fanompoana Azy sy ny fitomboana ao Aminy.

**2- Fandrosoana manoloana ny fahasarotana**

Anisan'ny fahasarotana manoloana antsika ny hoenti-manana ara-bola. Hiakatra isan-taona hatramin'ny 2027 ny fandraisana anjara hefaintsika eo anivon'ny FPF. Ho famporisihina ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny fanohanana ny asa fitoriana ny Filazantsara dia nisy famelabelarana mahakasika ny « culture du don ». Ho tohin'ny fampianarana momba ny « Voaloham-bokatra » natao tany aloha, dia nazavain'ny Filohan'ny FPMA ny momba ny "Fahafolon-karena - Fahasoavana - Fanoloran-tena". Raha fehezina dia miteraka tsy fananana ny ampy ny fandrobana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanaterana Fanatitra tsy tanteraka sy amin'ny fihatsaram-belatsihy. Mamangy antsika anefa Andriamanitra manatsotra ny tanany amintsika hiverina Aminy. Izy rahateo efa nanome antsika mialoha ny fitahiam-panahy rehetra, indrindra ny nanolorany Zanany manontolo ho antsika fa tsy ny am- pahafolony ihany. Entanina isika hanao araka izany amin'Andriamanitra ihany koa. Mahakasika ny Vina Mpitandrina Matihanina izay maniry mba ho tonga 80% ny isan'ny Mpitandrina matihanina eto amin'ny FPMA amin'ny taona 2025, dia isaorana Andriamanitra fa efa nisy Mpitandrina 6 izao napetraka ho matihanina tamin'ity taona ity. Misy mpianatra teolojia ihany koa izay maniry ny asan'ny Mpitandrina izay efa tohanan'ny FPMA. Ho fanatevenana hatrany izany fanana Mpitandrina matihanina izany dia nankinina tamin'ny STK ny famolavolana ny tetikasa izay natolotra ny LWF ka naneken'ity vondrom- piangonana lehibe ity hanome fanampiana mitentina 26500€. Ny tanjona amin'izany dia ny famangiana ny Tafo ho famporisihina amin'ny fametrahana Mpitandrina matihanina, ny hirosoana ho amin'ny kitapo iombonana eto amin'ny FPMA, koa Mpitandrina matihanina miisa sivy no tratrarina hatramin'ny taona 2027.

Koa mampatsiahy sy manolotra ny FPMA manontolo ny tonombavaka izay tononina isaky ny vavaka fangatahana (mifatotra etoana).

Manentana antsika hiombona amin'izany ezaka rehetra izany.

Ho mariky ny fiombonana dia hisy ny Fotoam-bavaka sy fifadian-kanina ny 12 janoary, 13 aprily, 29 jona ary 12 oktobra 2025 manerana ny FPMA.

Hisy koa ny alim- bavaka amin'ny zoma masina (18 aprily) sy mialohan'ny alahadin'ny Reformasiona (24 oktobra).

**3- Fanavaozana ny fanoloran-tena hiaina ny fahasoavana :**

Misaotra an'Andriamanitra fa tanteraka ny fanavaozana ny tompon'andraikitra: Birao Foibe, mpanamarimbola, vaomiera sy departemanta.

- **Filoha Synodaly, Filohan'ny FPMA :** Rev. Dr Seth RASOLONDRAIBE
- **Filoha mpanampy Mpitandrina** : Pasteur Falimanana RAHARINDRANTO
- **Filoha mpanampy laïka** : Atoa Roland RATIARISON
- **Mpitahirivola** : Atoa Heriharijaona RANAIVOSON
- **Mpitantam-bola** : Atoa Jean Christian ANDRIANJATOVO

## HAFATRY NY SYNODA LEHIBE (Tohiny)

• **Tonia** : Atoa Rado RAMAROTAFIKA

• **Mpitandrina mpanolon-tsaina** : Pasteur Henintsoa RASOLONJATOVO

•**Ireo mpanamarim-bola 2** : Rtoa Ny Aina RANDRIAMAMONJY sy Rtoa Voahirana RAKOTOVAO

Ny fo mankasitraka an'Andriamanitra sy mahatsapa ny fahasoavany dia manetsika ho amin'ny fanoloran-tena sy ny fahatokiana an'Andriamanitra amin'ny asa masina niantsoany antsika FPMA.

Fehiny :

Aoka isika hanovo hery amin'ny fianteherana amin'Andriamanitra sy ny fibanjinana an'i Jesosy Kristy mba haharetantsika amin'ny fihazakazahana. Aoka isika hiara-mamindra sy hifanome tanana mba hananantsika FPMA miombona, manolo-tena ary mahatoky.

Tamim-pifaliana koa no nanokafana ny fankalazana ny faha-65 taona nijoroan'ny FPMA nandritra ny fanompoam-pivavahana famaranana ny Synoda Lehibe faha-39. Vaninandro lehibe amin'ny tantaran'ny Fiangonantsika io koa aoka isika hitondra am-bavaka sy hiombom-po amam-panahy amin'ny hetsika rehetra atao mandritra izany fankalazana izany.

Saint-Sebastien-sur-Loire, 3 Nov 2024.

## VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA / FITALAHOANA (PRIÈRE D'INTERCESSION)

« Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana lavorary rehetra dia avy any ambony, ka midina avy amin'Andriamanitra Ray… Be ny vokatra, fa ny mpiasa hamory no vitsy. Koa angataho ny Tompom-bokatra mba haniraka mpiasa hamory ny vokany » (DIEM, Jakoba 1.6 / Matio 9.38)

## MESSAGE DU XXXIXE GRAND SYNODE DE LA FPMA 2024

Chers frères et soeurs en Christ,

Le 39e Grand Synode de la FPMA s'est déroulé au Lycée La Joliverie de Saint-Sébastien-sur-Loire du 1er au 3 novembre 2024. Il s'est fondé sur le thème extrait de Hébreux 12.1 : « Nous donc aussi, puisque nous sommes environnés d'une si grande nuée de témoins, rejetons tout fardeau, et le péché qui nous enveloppe si facilement, et courons avec persévérance dans la carrière qui nous est ouverte ».

Pendant trois jours, nous avons échangé et partagé au sujet de la course sainte ; aussi trois points principaux ont-ils été mis en exergue.

**1° Au sujet de notre communion fraternelle et de notre collaboration : nous courons ensemble vers un seul but .**

Les rapports faits par chaque région et section de la FPMA nous encouragent à cette vie en communauté, ainsi que cette collaboration.

En plus de la collaboration avec les Eglises soeurs malgaches (FJKM et FLM), dont on porte en prière les avancées, nous avons également traité de la collaboration avec les Eglises protestantes internationales, telles que la LWF, la CMER et la KEK sans oublier notre place au sein de la Fédération Protestante de France.

Nous rendons également grâce à Dieu pour l'accueil en tant que paroisses, de la FPMA Pussay au sein de la région FAFATS, ainsi que celle de la FPMA Vierzon-Bourges au sein de la région FAFAN.

Lors de ce 39e Grand Synode, le Ministère des catéchistes a également été créé au sein de la FPMA. Le Synode a également approuvé le programme de Catéchisme commun, ainsi que la Liturgie funéraire commune à la FPMA ; ceux-ci ont été proposés et présentés par le VFL.

N'oublions pas que même si nous sommes nombreux, nous sommes unis dans une unique course et ensemble, nous nous tournons vers Jésus- Christ, Seigneur et source de notre foi en le servant et en grandissant en Lui.

**2° Avancer dans la difficulté**

Une des difficultés qui se posent à nous se situe au niveau des ressources financières. Notre contribution à la FPF augmentera chaque année jusqu'en 2027. Pour encourager le peuple de Dieu à soutenir l'œuvre missionnaire d'annonce de l'Evangile, des présentations ont porté sur la « culture du don ». Pour suivre les enseignements au sujet des « Prémices » apportés auparavant, le Président de la FPMA a partagé un enseignement sur "La Dîme, la Grâce et le don de soi". En synthèse, dérober

# MESSAGE DU XXXIXE GRAND SYNODE (Suite)

Dieu, par des offrandes non faites ou hypocrites, entraîne des carences. Mais Dieu nous visite et nous tend la main pour que nous revenions à Lui. Après tout, Lui le premier, nous a abreuvés de ses bénédictions, en particulier en donnant son Fils pour nous, dans sa totalité et non pas seulement un dixième de Lui-même. Nous sommes encouragés à en faire de même pour Dieu.

Concernant la Vision «Pasteur Salarié » qui prévoyait 80% de Pasteurs salariés au sein de la FPMA d'ici 2025, nous remercions le Seigneur car 6 Pasteurs ont pu être consacrés salariés au cours de l'année écoulée. Actuellement, des étudiants en théologie, souhaitant devenir Pasteurs, sont soutenus par la FPMA.

Pour soutenir notre souhait de Pasteurs salariés, c'est à la STK nationale que nous avons confié la conception d'un projet présenté à la LWF ; cette grande communauté ecclésiale a décidé, après acceptation de notre projet, de nous soutenir en accordant une aide d'un montant de 26 500€.

La subvention sera utilisée selon 3 objectifs principaux : - visiter les Églises afin d'encourager dans le projet « Pasteur Salarié », - encourager les souscriptions à la caisse commune de la FPMA, - recruter 9 autres Pasteurs salariés d'ici l'année 2027.

Chacun de nous est encouragé à contribuer à cet effort. Pour marquer notre communion, des moments de prière et de jeûne auront lieu dans les Églises FPMA les 12 janvier, 13 avril, 29 juin et 12 octobre 2025. Des veillées de prières seront également organisées le vendredi Saint (18 avril) et le vendredi précédent le dimanche de la Réformation (24 octobre).

A cet effet, et pour rappel à toute la FPMA, la prière commune ci-jointe nous est donnée afin d'être intégrée à chaque fois que nous prononcerons la prière d'intercession.

**3° Renouveler notre engagement à vivre la Grâce et le don de soi.**

Nous remercions Dieu car nous avons pu renouveler également les responsables de notre Eglise : Bureau Foibe, vérificateurs.trices aux comptes, commissions et départements.

- **Président Synodal, Président de la FPMA** : Rev. Dr Seth RASOLONDRAIBE

-**Vice-Président Pasteur** : Pasteur Falimanana RAHARINDRANTO

- **Vice-Président laïc** : M. Roland RATIARISON

- **Trésorier** : M. Heriharijaona RANAIVOSON

- **Gestionnaire financier** : M. Jean Christian ANDRIANJATOVO

- **Secrétaire exécutif** : M. Rado RAMAROTAFIKA

- **Pasteur conseiller** : Pasteur Henintsoa RASOLONJATOVO

- **2 vérificatrices aux comptes** : Mme Ny Aina RANDRIAMAMONJY et Mme Voahirana RAKOTOVAO

C'est un cœur reconnaissant envers Dieu et les bénédictions qu'Il nous déverse, qui nous encourage ainsi au don de soi et à la confiance en Dieu, en vue de collaborer pour les saintes œuvres auxquelles Il nous appelle au sein de la FPMA.

Pour conclure :

Puissions-nous renouveler nos forces en nous confiant à Dieu et en fixant nos yeux sur Jésus-Christ pour nous permettre d'aller au bout de la course. Puissions-nous avancer ensemble et nous entraider pour avoir une FPMA unie, dévouée et fidèle.

Aussi, c'est avec joie qu'au cours du culte de clôture du 39e Grand Synode, nous avons ouvert la célébration du 65e anniversaire de la FPMA.

C'est un grand moment dans l'histoire de notre Église, aussi, nous sommes invités à porter en prière et à ne faire qu'un en coeur et en esprit, lors de toutes les activités qui ponctueront cette célébration.

Saint-Sebastien-sur-Loire, 3 Nov 2024.



*FAFATS : Région Centre-Est de la FPMA*

*FAFAN : Région Centre-Ouest de la FPMA,*

*LWF : Fédération Luthérienne mondiale,*

*VFL : Commission Doctrine et Liturgie,*

*CMER : Communion mondiale d'Eglises réformées ,*

*KEK : Conférence des Eglises européennes.*